# Ilay Voa Tsara Nafafy 30 Jolay 2018

# 30 **Alatsinainy** jolay

***(Hoy Jesosy tamin'ny mpianany :)*** **Avia ianareo hitokana any an-tany foana, ka mialà sasatra kelikely (fa maro no nifamoivoy, ka tsy nisy hihinanana aza).**
Marka 6. 31

## Torolalana amin'ny fotoam-pialantsasatra

Teo amin'ny fidirana ao amin'ny toerana fitobian'ny mpiala sasatra, dia naseho anay ilay torolalana mitanisa zavatra maro samihafa azo atao isanandro : fanetsiketsehana, tsenabe, tsena amin'ny alina, fampisehoana samihafa, eo daholo izany rehetra izany mba hahafeno tsara ny tontolo andro. Natao hialana vizana moa ny fotoam-pialantsasatra, nefa kosa tsy tokony haha sorena, satria hoe tsy misy na inona na inona hatao !

Tsaroan'ny kristiana ny tenin'i Jesosy, Izay nitaona ny mpianany mba hiala sasatra eo anilany, mihataka amin'ny besinimaro. Fantany fa ny tena fitsaharana dia ilay fitsaharan'ny fieritreretana sy ny fo, eo anilan'i Jesosy, lavitra ny hetsiketsik' izao tontolo izao, ny asany mandreraka sy ireo fialamboliny.

*Ny fitsaharan'ny fieritreretana* dia iainana rehefa mino fa „ny ran'i Jesosy ... no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra" (1 Jaona 1. 7), ary koa hoe „satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia manana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika" (Romana 5. 1).

*Ny fitsaharan'ny fo* dia azo ao amin'ny fiombonana amin'i Jesosy. Ny harivan'ny andro nitsanganany tamin'ny maty, tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro, dia tonga teo amin'ny mpianany ny Tompo, niteny hoe : „Fiadanana ho anareo". Nasehony azy ireo ny tanany sy ny lanivoany voalefona teo amin'ny hazofijaliana, mariky ny sarany naloany mba hanavotana azy ireo. Taoriana kelin'izany, dia hitany teo amorona farihy izy ireo, ka nanomanany hazandrano vitsivitsy, ary nilazany hoe : „Avia hisakafo".

Inona no hataontsika amin'ny fotoana fialantsasatra ? Isika ve hanolo ny hazakazaky ny asa aman-draharaha amina fialamboly tsy misy farany ? Aleo kokoa manararaotra izany mba hananana fotoana ifampizarana amin'ireo zandrintsika, sy hanovozana hery eo amin'Ilay niteny hoe : „Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana" (Matio 11. 28).